Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 ,rue de Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél: 01 45 96 03 05

Athis-Fanantenana

Lieu de Culte : Église Saint-Denis, 8 Place de l'Église 91200 ATHIS-MONS
Tél : 01.69.38.53.26 & 06.52.53.22.56 & 06.41.84.95.81

« ... ***Iray ny tena, ary iray ny Fanahy, dia toy ny niantsoana anareo ho amin'ny fanantenana iray…*** **» (Efesiana 4 :4)**

ALAHADY 8 JANOARY 2023
ALAHADIN'NY EPIFANIA
Mitarika : Ramatoa QUENEUILLE Tahiana, Diakona
Mitoriteny : Ramatoa RAKOTOMANANA Voahangy, Mpiandry

Zava-maneno (mitsangana ny Fiangonana)

Mpitarika : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.
Fiangonana : Amen

FIARAHABANA APOSTOLIKA

FIHAONANA SY FANKALAZANA AN'ANDRIAMANITRA (mitsangana)

Mpitarika : *Hiara-mankalaza sy hidera an'Andriamanitra isika amin'ny famakiantsika ny Salamo voatondro*

" Andriamanitra ô, omeo ho an'ny mpanjaka ny fitsaràna, ary ho an'ny zanaky ny mpanjaka ny fahamarinanao. Hitsara ny olonao amin'ny fahamarinana izy. Ary ny malahelonao amin'ny fahitsiana. Hitsara ny olona ory izy sy hamonjy ny zanaky ny mahantra ary hanorotoro ny mpampahory. Ny marina hitrebona amin'ny androny, ary ho be ny fiadanana mandra-paha-tsy hisy volana intsony. Ary hanjaka hatramin'ny ranomasina ka hatramin'ny ranomasina izy, ary hatramin'ny ony ka hatramin'ny faran'ny tany. Amen" (Salamo 72. 1, 2, 4, 7,8)

Hira 351. 1, 2, 3

VAVAKA FANATONANA SY FIDERANA

Fiangonana : Amen.

Feon-java maneno fohy.

VAVAKA FIFONANA SY FIAIKEN-KELOKA

Fiangonana : Ry Rainay be famindrampo ô, mitalaho Aminao izahay; mamelà ny helokay; diovy izahay ho afa-pahotana; sasao izahay mba ho afa-keloka ; ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesoa Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amen

Hira FF35. 1, 2

TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA

Mpitarika : Henoy ka raiso,ry havana malala,ny teny famelan-keloka atolotr'Andriamanitra izany milaza ny haben'ny famidrampony amintsika ao amin'i Jesoa Kristy. Hoy ny Tompo : " Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoana,ary tsy hotsarovako ny fahotanao.Izaho no Mpiadry tsara; ny Mpiadry tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondriny, aza matahotra, minoa fotsiny ihany."
Voavela ny helokareo noho ny Anarany masina. Haleloia !

Fiangonana : Amen.

FANKALAZANA

Mpitarika : Voninahitra ho any amin'ny Avo Indrindra ho an'Andriamanitra*
Fiangonana : Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany*
Hira 512. 1

FIFAMPIZARANA NY FIADANANA.

« Ho aminao anie ny fiadanan'ny Tompo »

Zava-maneno- Interlude
FOTOANAN'NY SEKOLY ALAHADY

FAMAKIANA NY SORATRA MASINA
Fiomanana amin'ny Vakiteny sy ny Toriteny

Hira FF 6. 1
Mpitarika : (vavaka hampahazava ny Teny)
Fiangonana : Amen
Testamenta Taloha sy Epistily : **Isaia 60. 1 - 6 ; Efesiana 3. 2 - 6**
Filazantsara: **Matio 2. 1 - 12 (mitsangana ny Fiangonana)**
Fiangonana : Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara ! Amen

FANEKEM-PINOANA (mitsangana)

Mpitarika: *Miaraka amin'ny Fiangonana kristiana rehetra manerana ny tany dia manambara ny finoantsika isika* : « Manambara ny finoantsika an' i Jesoa Kristy isika, dia araka ny tenin' i Jaona Mpanao Batisa hoe : " Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao sy araka ny teny natoan' i Andrea hoe : "Efa nahita ny Mesia izahay"sy araka ny teny nataon'ny Samaritana hoe : "Ny tenanay no nandre, ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao".sy araka ny teny nataon' i Petera hoe : "Ianao no Kristy Zanak' Andriamanitra velona". "Ianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay. Ary araka ny teny nataon' i Tomasy hoe : "Tompoko sy Andriamanitro".Amena. »

Hira 638. 1, 2 (mitsangana)

TORITENY
FILAZAN-DRAHARAHA

RAKI-PISAORANA Hira 303
FANOLORANA NY RAKITRA : Ry Tompon'ny harena ô!

VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

Hira Antema 16

TSODRANO

Mpitarika : Ho aminareo anie ny Tompo*
Fiangonana : Ary ho amin'ny fanahinao*

Mpitarika : " Andriamanitry ny fiadanana hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanaro, ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika." (I Tes. 5. 23)
Fiangonana : Amen. Haleloia.

Mpitarika : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, amen.Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo ary torio amin'ny teny sy ny asa ny Filazantsara.
Fiangonana : Isaorana anie Andriamanitra.

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amen